## Inona no fanampiana entin'ny **PATIMA?**

**PATIMA** dia manome karazana fampiofanana ara-teknika maro mikasika ny fiompiana tilapia. Ampitaina anatin'izany ny fomba famokarana zana-trondro, ny fomba fanatsaràna ny sakafony ary ny fomba fandrindràna ny tontolo hiompiana ny trondro. Izany dia natokana hoan'ireo tantsaha modely izay afaka mamokatra zana-trondro ary mizara ny traikefany amin'ireo tantsaha hafa.

**PATIMA** dia afaka manampy ihany koa ireo tantsaha izay te hiroso amin'ny fiompiana tilapia ka mampiofana azy ireo ny amin'ny fanamboarana dobo ary mizara teknika maro mikasika ny fiompiana trondro.

## Ahoana ny fomba fandraisana anjara amin'ny hetsiky ny **PATIMA?**

Ny toerana sahanin'ny tetikasa **PATIMA** dia Mahajanga II, Marovoay, Ambato-Boeny izay Distrika samy ao amin'ny Faritra Boeny avokoa.

**PATIMA** dia mandray ny olona rehetra izay manana dobo na koa tanimbary, ny Kaominina manana dobo na faritra kaominaly anatin'ireo toerana sahanin'ny tetikasa. Raha toa ianao ka anisan'ireo voalaza etsy ambony ary voasarika manokana amin'ny fiompiana tilapia dia manatona ny biraonay. Ny andinindininy mikasika ny hetsiky ny tetikasa sy ny fotoana fampiofanana dia samy azo alaina ao amin'ny birao avokoa.

Ny toerana ahitàna ny biraonay dia ao amin'ny Centre de Développement de la Culture de Crevettes (CDCC) Amborovy, ary koa ao amin'ny Direction Régionale de la Pêche et des Ressources Halieutiques (DRPRH), La Corniche, Port Schneider, Mahajanga



# PATIMA



**Tetikasa Fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra amin'ny alàlan'ny fiompiana trondro Tilapia**
**Faritany MAHAJANGA**
**Faritra BOENY**
**Avaratra Andrefan'i MADAGASIKARA**

JICA — CDCC (Centre de Développement de la Culture de Crevettes) — DRPRH Mahajanga La Corniche — mprh

Adiresy: Centre de Développement de la Culture de Crevettes (CDCC), Amborovy, Mahajanga 401
Tél. : + 261 20 62 952 17

Projet d'Aquaculture de Tilapia à Mahajanga

**Tetikasa Fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra amin'ny alàlan'ny fiompiana trondro Tilapia**
**Faritany MAHAJANGA**
**Faritra BOENY**
**Avaratra Andrefan'i MADAGASIKARA**



# PATIMA

# Tanàna mahafinaritra amin'ny alàlan'ny fiompiana trondro tilapia




Ny volana martsa 2011 no nanombohana ny tetikasa PATIMA na ny "Tetikasa Fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra amin'ny alàlan'ny fiompiana trondro Tilapia", fiaraha-miasan'ny JICA (Agence Japonaise de Coopération Internationale) sy ny Fanjakàna Malagasy.

Haharitra telo taony sy tapany ity fiaraha-miasa ara teknika ity ka hifarana ny volana septambra 2014, ary tanterahina anatin'ny Faritra Boeny, amin'ny faritra avaratra andrefan'i Madagasikara.

Ny tanjona dia ny hanatsara ny fari-piainan'ireo tantsaha anatin'ny faritra voakasiky ny tetikasa, amin'ny alàlan'ny fampiroboroboana ny fiompiana tilapia.

Ireto ary ny dingana efatra tokony arahin'ny tetikasa:

## 1 ) Mampitombo ny famokarana trondro mifanaraka amin'ny toe-tany hanaovana ny tetikasa


Ny "Tilapia du Nil" (*Oreochromis niloticus*) dia trondro mora manaraka ary tsy mitsahatra manatody rehefa tsy mihoatra ny 25°C ny hafanan'ny rano misy azy. Mitahiry ny atody ao am-bavany ny tilapia vavy ary izany no mahamaro ny trondro velona soa aman-tsara aorian'ny fanatodizana.

PATIMA dia mikatsaka sady manatsara ny teknika famokarana zana-trondro ary koa ny fanatsaràna ny taranaka miankina amin'ireo toetry ny tilapia ireo.




## 2) Fanaraha-maso ifotony ny fomba fiompiana trondro amin'ny toerana voakasiky ny tetikasa


PATIMA dia manolotra karazana teknolojia mahomby izay hahafahana mampitombo tsara ny vokatra nefa tsy ilàna fandaniana betsaka. Misy ny andrana sy fanaraha-maso atao momba ny kalitaon'ny toerana fiompiana, ny firafitry ny dobo, ny habetsahan'ny rano, ny sakafo omena sy ny fotoana mahamety ny famindràna ny zana-trondro




## 3) Manatsara ny fomba fiasàn'ireo mpanentana, ireo tantsaha modely ary ireo olona voakasiky ny fampiroboroboana ny famokarana trondro ny tetikasa


PATIMA dia manampy ireo mpanao fanentanana momba ny tetikasa amin'ny fampivoarana ny fahaiza-manao drafitra, ny famolavolàna sy fanatanterahina ny hetsika rehetra takian'ny tetikasa ary koa ny fampivoarana ny teknika rehetra mikasika ny fiompiana trondro.

PATIMA koa dia mifidy ary manofana ireo tantsaha modely izay tena manana andraikitra lehibe amin'ny fampivoarana ny fiompiana trondro ka iarahany miasa amin'ny ireo mpanentana vita fiofanana izany. Ny famporisihana ireo tantsaha modely ireo no ilofosan'ny PATIMA ka mba hisian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy tantsaha, hahatonga ny fiompiana trondro hahomby sy haharitra




## 4) Manatsara ny fari-piainan'ireo tantsaha madinika any amin'ny toerana hanaovana ny tetikasa

Ny teknika ampiharin'ny PATIMA dia sady tsy andaniana vola betsaka no azo antoka ka hahtongavana amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Ny tetikasa dia manome lanja ny fiompiana tilapia izay mifototra tanteraka amin'ny fizahàna akaiky ny zava-misy eo an-toerana, ny toetoetry ny fambolena, ny fitrandrahana ny ala, ny fiompiana omby ary ny jono.




**Ny mombamomba ny tetikasa**

【Faharetan'ny tetikasa】: Martsa 2011— Septembra 2014

【Tanjona ankapobeny】: Fanatsaràna ny fari-piainan'ny tantsaha anatin'ny faritra voakasiky ny tetikasa amin'ny alàlan'ny fiompiana trondro tilapia

【Tanjon'ny tetikasa】: Hametraka ny fiompiana trondro tilapia amin'ny toerana voakasika

【Votoatin'asa】:
Manara-maso sy manao andrana amin'ny toerana fiompiana, mampiditra ny zana-trondro nafarana avy any Japon, manolotra teknika fanatsaràna ny famokarana zana-trondro, manomana ny drafitra fampandrosoana ny Faritra, manohy ny fanaraha-maso.

## La star de Madagascar




Fahatongavan'ny zana-trondro teny Ivato ny 23 jona 2011,



*Oreochromis niloticus*, antsoina koa hoe "NILO-JICA"